MANDEHA DIA MANDEHA NY FOTOANA

FIJOROANA VAVOLOMBELONA NATAON'I VICTORIA NEHALE

Teraka tany Namibie aho, izay toerana nandaniako ny androm-piainako sy nanolorako ihany koa ny foko ho an'ny Tompo tamin'ny 6 Février 2005. Ny Tompo Jesosy dia naneho ahy zavatra be dia be ara-panahy, ary anisan'izany ny dia in-droa tany amin'ny helo. Dia nandidiy ahy ny Tompo mba hizara izany amin'ny olona rehetra. Nampitandrina ihany koa izy mba tsy hisy anampiana na analàna izay zavatra hitako sy reko.
Tamin'ny fotoana nanoratako ny boky, dia in-33 aho no novangian'ny Tompo Jesosy. Isaky ny mitsidika ahy Izy, alohan'ny handehanany dia miteny hoe : « MANDEHA DIA MANDEHA NY FOTOANA ».

Ny dia voalohany tany amin'ny helo

Tamin'ny **23 Jolay 2005**, faran'ny herinandro io, nandray taxi avy eo amin'ny tanàna fiasako aho, ho any amin'ny tanàna nahabe ahy nisy ny ray aman-dreniko, lalana tokony ho antsasa-kadiny mandeha fiarakodia. Rehefa nandeha aho dia nahatsapa fa toa misy zavatra hafahafa izany hitranga ny alin'io. Tonga tao amin-dry zareo aho tamin'ny 6 hariva, ary efa eo am-pikarakaràna sakafo izy ireo. Tao an-dakozia aho niaraka tamin'ireo ankohonako sasany, izay matory amin'ny tany miaraka amin'ny drap efa tranainy dia tranainy. Ireo zana-drahavaviko kosa, tetsy andaniny, mihira hiram-pivavahana amin'ny Sekoly Alahady.

Tampoka teo, toa nahatsapa hosotra natao tamin'ny vatako aho, lasa nalemy dia nalemy, fantatro fa teo ambany herin'Andriamanitra aho. Nahita olona manao akanjo fotsy aho ary, misy kofehy mitovy loko ihany koa mifehy ilay akanjo. Dia nandroso nankeo amiko tamin'ny toerana izay natoriako Izy. Nisy hazavana namirapiratra teo aminy, tahaka ny vatany mihitsy no nazava nanjelanjelatra. Manao kapa ihany koa izy. Ny endriny dia mitovitovy amin'ny olona monina any Moyent Orient ireny, ary manana fihodirana mitovy loko amin'ny lokom-barahina. Ny fijery ny endriny dia tena ao anatin'ny fahalemem-panahy sady feno voninahitra, fa izaho kosa dia tsy nahajery Azy. Raha vao nanomboka niteny Izy, akory ny halefaky ny feony, sariaka sady be fitiavana kosa no fijery ny endriny, nefa hita ihany koa fa feno fahefàna. Tahaka ny nisy onjam-pitiavana nivoaka avy amin'ny tenany iray manontolo.

Dia natolony ahy ny tanany, tamin'ny toerana izay natoriako. Tampoka teo, dia lasa niova tao anatin'ny vatana mahafinaritra aho. Tonga tahaka ny tovovavy 18 taona aho. Dia lasa niakanjo fotsy nisy kofehy fotsy mifehy tahaka ny Azy ihany koa aho. Na izany aza anefa, tsy nitovy ny lamba nanaovana ny akanjo izay teny amiko sy ny Azy. Fa ny Azy dia mamirapiratra lavitra ary tsy haiko ny hanazava izany aminao.

Dia niteny tamiko Izy, tamin'ny feo malefaka sy be fitiavana : « Victoria, tiako ianao hiaraka amiko, hanehoako zavatra mampatahotra any amin'ny toerana izay mbola tsy nalehanao hatramin'izay niainanao ». Dia noraisiny tamin'ny tànany aho, ary nandeha izahay. Dia tsapako fa toy ny olona mandeha eny amin'ny rivotra aho, ary miakatra dia miakatra hatrany eny amin'ny habakabaka. Afaka fotoana kelikely, dia nahatsiaro vizana aho, ary niteny taminy fa tsy afaka hanohy ny dia intsony, ary nitalaho taminy mba hiverina. Tamin'izay indrindra dia nibanjina ahy tamim-pitiavana Izy ary niteny hoe : «Tsy reraka izany ianao, fa matanjaka . Raha nahatsiaro sasatra ianao, ho entiko, fa amin'izao fotoana izao, tsy maninona ianao. Ho aminao ny fiadanana. Ndao isika ».

Ny toerana izay nahatongavanay dia karankaina, ary tena kentana lavitra noho izay tany efitra fantatra. Tsy misy mihitsy zavatra tsapa ahitana zava-miaina. Na zava-maniry na biby faran'izay bitika, dia tsy misy eo amn'ilay toerana . Tena tsy maha-te-honina anie izany e.
Dia tonga teo amin'ny varavarana fidirana izahay, ary nitodika niteny tamiko ilay olona niakanjo fotsy : « Victoria, hiditra ny vavahady isika ary ny zavatra ho hitanao dia hampatahotra anao sady hanelingelina anao, fa matokia foana ianao Ahy satria Izaho dia eo anilanao foana amin'izay rehetra alehantsika ary vonona hiaro anao Aho. Sokafy tsara fotsiny ny masonao hahita izay zavatra asehoko anao ». Dia nihorohoro aho, ary nanomboka nitomany. Nandà mafy aho ary niangavy Azy mba hamerina ahy. Niteny taminy aho fa tsy te-hiditra ao satria toa hitako sahady ny zavatra misy ao amin'ilay toerana. Dia nijery ahy Izy sady niteny hoe : « Ho aminao ny fiadanana. Tsy maintsy miditra ao anatiny isika satria MANDEHA DIA MANDEHA NY FOTOANA »

Dia niditra izahay. Tsy haiko visavisaina ny tahotra sy ny horohoro ao amin'io toerana io. Tena resy lahatra aho fa tsy misy toerana ratsy tahaka an'io, n'aiza n'iza eto ambonin'ny tany. Midadasika dia midadasika ilay izy, ary toa tsy mitsahatra mitatra arakaraky ny fotoana. Toerana izay rakotra aizina faran'izay mikitroka, nefa koa isian'ny hafanana mangotraka tsy misy toy izany. Tsy tazako ny lelafo na ny fototra niavian'ny afo, fa ny tsapako dia tena mahamay sy mandoro tsy misy ohatr'izany.
Feno bibikely isan-karazany any, kely sy lehibe, maitso, volontany ary mainty. Ny bibikely izay eritreretintsika fa misy dia hita ao daholo, ary dia hita mandady n'aiza n'aiza. Dia nanomboka nandady taminay ny kankana. Ilay toerana koa dia misy fofona maimbo faran'izay tsy zaka sady mahatsiravina. Tsy misy teny azo anambarana ny hamantsin'izany toerana izany. Tahaka ny hena masaka masiso sy lo, nefa ampitomboina avo zato heny amin'izay fantatsika ety ambonin'ny tany. Feno fitarainana sy fitolokoana ary fikitroha-nify ihany koa ao amin'io toerana io, ary manampy izany ny fihomehezana sy ny esoeson'ny devoly.

Ny tena mampahory, dia feno olona ao amin'io toerana io. Tsy tambo isaina ny habetsahany. Efa taolana daholo ny fijery azy ireo. Tiako ny milaza marimarina fa olona ihany koa anefa ireo taolana na karana ireo, satria nisy olona fantatro, fianakaviako tamin'izy ireo, ary avy tao amin'ny tanàna niaviako. Matroka dia matroka sy maina ny taolan'izy ireo. Ny nifiny dia maranitra tahaka ny an'ny bibidia, ny vavany dia ngezabe ary mitatra, ny lelany lavabe ary mena midorehitra. Ny tanany sy ny tongony dia misy rantsana lavabe, ary ny hohon'izy ireo dia maranitra. Ny sasany dia miakanjo, ny hafa ihany koa misy tandroka.
Misy devoly sasany mampifangaro ireo olona ireo amin'ny toerana iray. Izy ireo dia mitovy amin'ny alligator na karazana voay be, ary mitsangana amin'ny tongotra efatra. Mahazo aina tsara izy ireo ao amin'io toerana io, ary tsy mitsahatra mandatsa sy mampijaly ny olona ao. Ny feon'izy ireo dia tahaka ireny manao fety ireny, ary tsapa fa toa sambatra sy faly ery izy ireo. Tsy mitsahatra ny mandihy sy mitsambikimbikina aok'izany izy ireo. Iretsy olona kosa anefa, mifanohitra amin'izany, ory sy fadiranovana. Ny feon'ny olona izay re, dia vokatry ny fijaliany : tomany, kiakiaka ary fikitroha-nify, fahadisoam-panantenàna, fahoriana ary toloko tsy azo visavisaina.
Tsy voaisa ny olona mivangongo ao, fa ny zavatra tsapako, dia vehivavy no maro an'isa. Dia mizara antokotokony samihafa izy ireo. Ao amin'ny antokony iray, dia tsy voaisa ny olona ao satria ngeza dia ngeza ny toerana misy azy ireo.

Dia nentin'Ilay Olona (Jesosy) teo amin'ny toerana iray aho. Niteny tamiko Izy : « Victoria, ireto antokon'olona ireto dia ireo **izay tsy mba nety namela ny heloky ny hafa**. Efa niteny tamin'izy ireo imbetsaka aho mba hamela ny heloky ny hafa, saingy nolaviny izany. Izaho anefa efa namela ny helok'izy ireo.

Rehefa maty kosa anefa izy ireo, dia izao lasa aty izao. Tsy ho afaka ato mandrakizay mandrakizay izy ireo. Mihinana ny vokatry ny asany mandrakizay izy. Mafy amiko anefa ny mijery azy ireo amin'izao toerana misy azy izao, satria tiako izy ireo ».

Dia nentiny tao amin'ny antokon'olona hafa indray aho, ary nolazainy fa izy ireo dia **olona nanana trosa teny ambonin'ny tany**. Dia mbola mizarazara antokony samihafa ihany koa izy ireo. Ny fizarana voalohany dia ***ireo izay tokony handoa ny trosany amin'izay nakany izany.*** Afaka ny nandoa izany izy ireo, saingy nangatak'andro foana. Nanome toky izy fa handoa izany, saingy nihemotra lava, aleo rahampitso, amin'ny herinandro, amin'ny taona ho avy, ary dia izao izy ireo tonga aty izao. Dia hijanona ato mandrakizay izy ireo, ary mandrakizay mandrakizay, hioty ny vokatry ny asany.
Ny antokony faharoa dia ***ireo izay nananana trosa, izay tsy nanan-kaloa nefa vonona ny hanefa izany***. Indrisy anefa fa natahotra olombelona izy ireo, satria raha miteny ny marina izy ireo, dia natahotra sao dia ailiky ny fiaraha-monina, na higadra, na raha fantatry ny hafa ihany koa dia mety hataon'ny olona tsinontsinona. Dia hoy Jesosy : « **Tsy nisy tamin'izy ireo nanatona Ahy mba hangataka fanampiana. Raha nanao izany izy ireo, dia nanampy azy Aho. Nampiasa ny fahaizany sy ny fahalalàny ary ny fahendreny izy ireo, izay tsy nanampy azy velively**. Amin'izao fotoana izao dia tonga eto amin'ity fijaliana ity izy ireo, mibaby ny vokatry ny nataony ».
Rehefa izany dia nilaza tamiko Izy : « Ny karazany fahatelo dia *ireo* ***olona izay nanana trosa izay tsy voaloany***, tsy nisy tamin'izy ireo anefa nanatona Ahy sy nitaraina tamiko hoe tsy voaloa anie ny trosa. Tahaka an'ireo hafa ihany koa, dia nampiasa ny fahendreny sy ny fahalalany izy ireo, ary dia izao aty amin'ny toeram-pijaliana aty izao. Fadiranovana ny foko manoloana ireo olona ireo satria tiako dia tiako izy ireo ».

Tao amin'ireo antokon'olona voalohany dia nisy vehivahy roa fantatro izay avy amin'ny fianakaviako, ary tovolahy 12 taona izay fianakaviako ihany koa. Fantatro fa 12 taona izy satria izay ny taonany tamin'ny andro nahafatesany. Tao amin'ireo antokon'olona faharoa, dia nisy olona fantatro tao izay havako ary koa Mpitandrina anankiray izay fantatro tsara. Jakes, ilay namako taloha izay namono tena rehefa nahalala fa nanolo-tena hoan'ny Tompo aho, dia hitako tao ihany koa. Nanampy izany, tazako tao amin'ireo antoko roa ireo ny mpifanila vodi-rindrina tamiko sasany.
Fantatro talohan'ny nahafatesany izy ireo, ary nahalala ahy ihany koa izy ireo. Ny fianakaviako dia romotra mihitsy tamiko rehefa nahita ahy ary niteny tamiko zavatra tsy tokony hotenenina. Mampiasa teny ratsy izy ireo no sady manozona Ny iray tamin' izy ireo dia nilaza fa tsy mendrika hiaraka amin'ilay olona tia ahy aho, ary tsy nitsahatra izy ireo nitsikera ny fiainako sy ny toetrako, talohan'ny nanolorako tena ho an'ny Tompo. Tsy nandainga akory izy ireo, fa marina ny zavatra nambarany. Jakes dia nilaza fa namany aho, ary tokony hiaraka aminy ao amin'ny helo satria niaraka nanota taminy ihany.
Tamin'ny voalohany, ilay mpitandrina dia faly nahita ahy ary niteny izy fa tsara ny nataony nahatonga azy aty, saingy ny nahitany kosa Ilay niaraka tamiko dia nampiova tampoka ny endriny. Nivadika nanozona sy niteny zavatra mamoafady ary nanaratsy ahy tahaka ny sasany koa izy avy eo. Dia niteny tamiko ny Tompo tsy dia hihevitra loatra ny zavatra teneniny satria tsy fantany izay hataony.

Dia nihorohoro tanteraka aho ary tena nalahelo fatratra. Nangovitra aho ary tsy nahajoro tamin'ny tongotro intsony. Tsy voafehiko intsony ny fitomaniako. Dia nitodika nijery ahy ny Tompo, namihina ahy ary niteny hoe : « Fiadanana anie hoa anao ry Victoria ». Dia niverina tamiko ny heriko ary nahatsiaro fa nilamina aho teo anilany. Rehefa izay, nilaza Izy fa tsy maintsy hiverina izahay.
Dia nijery ahy izy sady niteny hoe : « Victoria, nasehoko anao avokoa ny zavatra rehetra. **Amin'izao fotoana izao, dia anjaranao ny misafidy ny amin'ny toerana izay hisy anao. Eo an-tananao ny safidy.** Tsy maintsy miteny amin'ny olona ianao ny amin'izay hitanao sy natrehinao ary niainanao, aza manampy na manaisotra izay zavatra naseho anao ».

Tsaroako fa tamin'ny fotoana iray dia niala teo amin'io toerana io izahay, ary tsy tadidiko hoe tamin'ny toerana taiza moa no nisarahako taminy. Dia nahatsiaro tamin'izay aho. Nisokatra ny masoko ary hitako fa aty amin'ny Hopitaly aho. Ary teo ambony fandrianan'ny hopitalin'I Oshakati aho. Nisy serum teo amin'ny tanako ankavia, hitako ny reniko sy ny olona sasany avy eo an-tanàna, ary gaga sy variana nijery ahy. Hitako ny reniko ary tsapako fa avy nitomany izy. Dia nanontany ny mpitsabo mpanampy aho, ny amin'izay aretina mahazo ahy, dia namaly tamin'ny vazivazy izy ireo nanao hoe : « Nentina teto ianao satria nisy ratsy nataonao dia mila mibebaka ianao ». Ilay mpitsabo mpanampy dia niezaka nanazava izay nahitany ahy teo amin'ny Hopitaly, saingy tsapako fa arakaraky ny hanatonany ahy dia toa matahotra izy. Dia niangavy azy aho mba hiantso ny dokotera izay nitsabo ahy.

Rehefa tonga izy, dia nilaza fa tsy nahafantatra izay mahazo ahy. Tamin'ny voalohany dia nihevitra izy, fa tazo no nahazo ahy, saingy rehefa natao ny fitiliana dia tsy izany. Dia nolazainy ihany koa fa ny tosi-dra sy ny fitepon'ny fo ary ny hafanako dia tena ambany dia ambany, saingy tsy fantany ny tena anton'izany rehetra izany. Fanampin'izany hoy izy, tsy hitako izay azo atao anao, ary tsy azo ampitoviana amin'ny marary rehetra, satria tsy marary tsinona.
Ilay serum natao teo amiko tamin'ny voalohany dia tsy nandeha, nefa rehefa nahatsiaro aho ka nihiratra ny masoko dia tonga nandeha ara-dalàna indray. Dia nanome baiko ny infirmiere izy mba hanisy serum hatrany mba hatanjaka aho ary handeha hody.
Tena natahotra aho tamin'izay zavatra hitako, ary tsy nitsahatra nitomany. Ny fahatsiarovako an'io toerana io, izay tena naharikoriko, dia tsapako mandrakariva, satria zava-nisy fa tsy anganongano. Tsy nety nahita tory aho ary ory dia ory ny vatako iray manontolo. Tsapako fa toa misaraka ny rantsam-batako iray manontolo ary toa mikambana indray. Dray, tena marary aho, ary marary mieritreritra an'izany. Nivalana aho nandritry ny herinandro iray manontolo.

Nieritreritra aho fa tsy hiteny izay zavatra hitako na amin'iza na amin'iza, satria nihevitra aho hoe iza moa no hino ahy ? Inona no zavatra holazain'ny olona ? Dia nieritreritra aho fa tsy hilaza izay zavatra niainako sy tsapako na amin'iza na amin'iza. Iray amin'ireo namako no niantso ahy an-telefona nanontany ahy ny toe-pahasalamako, satria nangataka taminy aho mba hivavaka ho ahy. Talohan'ny nahafantarako izany, dia notantaraiko taminy ny zavatra nanjo ahy. Hay ny tantarako rehetra dia saika voalazako taminy avokoa. Te handositra aho ! Nahavita fahadisoana anankiray lehibe teo amin'ny fiainako aho, satria nilaza zavatra tsy tokony hambara. Ny fantatro anefa, nanomboka tamin'ny fotoana nanambarako izany dia tsy mahazo miafina intsony aho. Ny fehiny dia izao : matoa ny zavatra anankiray voalaza, dia izay izany no sitrapon'Andriamanitra !

Ny 19 Aogositra, dia taitra avy teo am-pandriana aho ary nahatsapa hosotra nirotsaka tamin'ny vatako. Reraka aho sady nangovitra, ary nipararetra tahaka ny azon'ny courant ny vatako manontolo. Tamin'ny hariva, indro hitako hazavana mamirapiratra niditra tao amin'ny efitranoko, ary teo afovoan'izany hazavana izany, tazako olona iray, nitovy tamin'Ilay hitako nitondra ahy. Tamin'izao kosa, nipetraka tamin'ny seza teo akaikin'ny fandriako izy. Tsy fantatro hoe avy aiza io seza io, tamin'ny fotoana nidirany tao an'efitranoko.
Seza volamena izy io, mitovy amin'ny seza rehetra rehetra ihany ny endriny ary misy fiankinana. Isaky ny tongony dia misy kintana vita amin'ny volafotsy, misy kintana izay mitovy amin'io ihany koa eo afovoan'ny fiankinana amin'ilay seza fa somary lehibe kokoa. Ary misy kodiarana fotsy isaky ny tongotry ny seza.

Rehefa avy niarahaba ahy Izy, dia niteny tamiko fa manana fanontaniana be dia be ny mahakasika Azy sy ny momba Azy aho. Koa dia tonga Izy hanambara ny maha-Izy Azy amiko, ary nanazava ihany koa Izy ny zavatra izay nitranga tamiko rehetra.
Dia niteny tamiko Izy ; « Izaho no Jesosy Kristy Mpamonjy anao. Raha misalasala ianao, jereo ny tanako. Ny toerana izay nalehantsika no atao hoe « Afobe » ». Rehefa nojereko ny tanany, dia hitako ny holatry nanomboana Azy tamin'ny alalan'ny fantsika.

Ry havana malala, tiako ny milaza aminao fa ny Afobe dia tsy zavatra vinanin'olombelona, fa tena misy tokoa ary toerana maharikoriko sy mahatsiravina. Tsy namboarina hoan'ny olona ny afobe fa hoan'i Satana sy ny demony rehetra. Ny toerantsika ara-dalàna dia any an-danitra miaraka amin'i Jesosy, saingy tsy maintsy misafidy an'i Jesosy isika mba tsy ho tara loatra.

Androany, raha mandre ny antso ianao, aza manamafy ny fonao, raiso Jesosy ho Tompo sy Mpamonjy anao manokana, mba hiara-belona aminy. Toerana mampihoron-koditra ny helo, toeran'ny tebiteby sy ny fahoriana, fijaliana sy fitomaniana mandrakizay ary fikitroha-nify. Satana dia mitady olona be dia be ho entina any amin'ny helo miaraka aminy. Aza miara-miasa aminy, fa miaraha miasa amin'i Jesosy mba ho velona ianao fa tsy ho faty.

Tsy fantatro mihitsy izay tian'ny Tompo ambara amin'ny hoe, fidio izay tianao amin'ireo antokony roa tany amin'ny helo, nefa izaho efa niova fo. Efa nanaiky an'i Jesosy aho, nefa mbola nampisafidianiny ihany na ho any amin'ny helo aho na tsia. Noho izany, nivavaka aho mba hahafantarako ny amin'izay andrasan'Andriamanitra amiko sy izay tokony hataoko. Dia nasehon'ny Tompo ahy fa ao anatin'ny foko ao dia **tsy ampy famelan-keloka sy fitiavana ny rahalahiko sy anabaviko**. Dia nitalaho tamin'ny Tompo aho hamela izany fahotako izany. Dia nangataka tamiko ny Tompo mba handeha hifona sy hangataka famelàna amin'izy ireo.
Dia nampahatsiahivin'ny Tompo aho koa fa nisy fotoana aho nangataka asa hampianatra ary nanao Diploma sandoka. Dia nampahafantarin'ny Tompo izany fa tahaka ny **trosa sy halatra ihany**. Dia nanapa-kevitra aho hanao izay tsara sy mahitsy manomboka izao, ary nangataka aho ny fanampian'ny Tompo, ary ny mba hanehoany ahy ny fomba tsotra hahafahana mamaha izany olana izany satria heloka mety hahatonga ahy any amin'ny fonja izany. Dia notarihiny ho any amin'ny Ministeran'ny Fampianarana aho hifona ny zavatra izay nataoko. Vonona aho ho any amin'ny fonja raha tsy maintsy hisy izany. Dia nasehon'ny Tompo ahy ny fombàny ahy mahagaga. Ny tompon'andraikitra tao amin'ny Ministera dia nanome safidy ahy na hamerina ny volan'ny governemanta (karama) aho na tsia. Dia nanome toky ahy izy ireo tsy hanenjika ahy any amin'ny fitsaràna, satria gaga izy ireo noho ny amin'ny fibabohako ny amin'ny zavatra nataoko. Ny Andriamanitsika dia Andriamanitra mahatoky amin'ny Teniny.

Raha toa ianareo ka tratry ny toe-javatra nahazo ahy, dia mampahery anareo aho mba handeha amin'ny lalana mahitsy, ary aza matahotra izay mety ho vokany. Angamba ianao mety higadra amin'ny fonjan'izao tontolo izao, nefa fotoana fohy ihany izany. Tsy misy fanaintainana na henatra ety ambonin'ny tany azo ampitahaina amin'ny any amin'ny helo, izay toerana hisarahana mandrakizay amin'Andriamanitra. Ny helo dia tsy toeram-pifaliana velively : aleo tsarain'Andriamanitra amin'izao fahavelomana izao mba tsy ho tara loatra. Tsy tokony hatahotra izany fitsaran'Andriamanitra amin'izao fotoana izao izany isika satria androm-pahasoavana izao: tokony hovelarintsika eo anatrehany avokoa ny fahadisoantsika rehetra raha mbola manana fotoana hanaovana izany isika miaraka Aminy, satria any ambadiky ny fasana dia tsy hisy famelan-keloka intsony.

NY DIA FAHAROA TANY AMIN'NY HELO

Tamin'ny **18 Oktobra 2005**, nifoha tamin'ny 5 ora sy 30 mn aho nefa tsy afaka niasa. Nahatsiaro tena reraka aho ary nivembena. Tsy afaka nihetsika na nihodina akory teo am-pandriako aho, ary ny fanatrehan'ny Tompo dia nahery tamiko tao amin'ny efitranoko. Nangovitra aho ary tahaka nisy herinaratra nanenika ny vatako iray manontolo. Talohan'ny tamin'ny 8 ora dia tonga ny Tompo, niarahaba ahy Izy ary dia niteny tamiko fa tsy maintsy mandeha izahay satria mandeha dia mandeha koa ny fotoana. Dia nitsangana aho ary nanomboka nandeha izahay. Ny fomba fandehananay tamin'io andro io dia hafa noho teo aloha. Tahaka ny mamindra ihany ny tongotray nefa tsy mitehi-tany. Nandritr'izany dianay izany dia nampahafantarin'ny Tompo ahy **fa ny fahotàna rehetra dia ratsy avokoa, ary tsy misy kely na lehibe**. Dia niteny tamiko Izy fa mizotra indray fanindroany ho any amin'ny helo ny dianay. Dia nanontany ahy Izy raha matahotra aho na tsia, dia namaly aho hoe « eny ».

Dia niteny tamiko Izy : « Ny fanahin' ny tahotra dia tsy avy amiko fa avy amin'ny devoly. Ny tahotra dia mitarika anao hanao zavatra mety hahatonga any amin'ny afobe ».
Raha tsy misy ny finoana, dia tsy afaka hanao zavatra mahafaly ny Tompo isika ary ny tahotra dia zavatra mifanohitra mivantana amin'ny finoana. Mazava ho azy fa tsy mahafaly an'Andriamanitra ny tahotra satria fitaovana manapotika ny finoana izy.

Nandritra ny fotoana nandehananay, dia nifanakaiky hatrany izaho sy ny Tompo, fa raha vao tonga teo amin'ny varavaran'ny helo izahay, dia notantanan'ny Tompo aho ary tsy navelany intsony fa nofikiriny ny tanako isan-tsegondra. Dia tena faly aho notantanany tahaka izany satria ny fandraisany ny tanako dia nanafoana avy hatrany ny tebiteby tato anatiko. Ny toerana dia tsy misy hafa tahaka ilay voalohany ihany: feno lalitra, kankana, fofona, karana, tabataba. Dia niditra teo amin'ny ilay làlana maimbo be izahay ary nasehony ahy antokon'olona maromaro anankiray. Maro ny olona fantatro fony fahavelon'izy ireo teny ambonin'ny tany. Ireo olona mahantra ireo dia tena mampahonena ny mijery azy sady mikiakiaka fatratra, fa ny loza indrindra dia ny fahadisoam-panantenàna hita eo amin'ny endrik'izy ireo.

Dia nasehon'ny Tompo ahy vehivavy anankiray fantatro, tokony ho 50 taona eo ho eo. Lozam-piarakodia no nahafaty azy tamin'ny fiandohan'ny taona 2005. Tena tohina mafy aho nahita io vehivavy io any amin'ny helo satria fantatro fa tena olona natahotra sy nanana fitiavana an'Andriamanitra izy teo amin'ny fiainany. Dia niteny tamiko ny Tompo fa io vehivavy io dia tia Azy ary Izy koa dia tia azy. Nanompo Azy izy tamin'ny fahavelomany teny ambonin'ny tany, ary nahataona olona maro ho an'ny Tompo izy ary nahafantatra tsara ny Tenin'Andriamanitra. Dia nanana fahatsaram-panahy koa izy teo anatrehan'ny mahantra sy izay rehetra mitady fanampiana. Nanome azy ireo izay rehetra nilainy izy ary nanampy azy ireo tamin'ny fomba rehetra. Tena mpanompo nahatoky ny Tompo izy tamin'ny ankabeazan'ny zavatra nataony.
Dia nanohina ahy indray izany Tenin'ny Tompo izany, ary nanontany Azy aho hoe nahoana no olona tena nanompo Azy teny ambonin'ny tany no hamarana ny fiainany sisa aty amin'ny helo. Dia nibanjina ahy ny Tompo ary nilaza fa io vehivavy io dia nino ny hevi-petsin'ny devoly. Na dia tena nahalala ny Soratra Masina aza izy, dia nino ny tenin'ny devoly izay milaza fa misy ny fahotàna kely sy lehibe. Nieritreritra izy fa ny fahotàna kely dia tsy mampaninona satria izy efa kristiana.

Dia nanohy ny Teniny ny Tompo : « Izaho efa niteny azy matetika mba hampijanona izany toetrany izany, saingy mahita fialan-tsiny foana izy, ary nihevitra fa ny zavatra ataony dia tsy mampaninona satria kely dia kely ary tsy manameloka ny feon'ny fieritreretany. Nisy fotoana izy nampijanona izay zavatra nataony, nefa nihevitra izy fa ny fampitandremana dia tsy avy Amiko fa avy amin'ny fieritreretany ihany, ary nihevitra koa izy fa tsy dia mba misy akony loatra amin'ny Fanahy Masina izany fa bitika dia bitika.

Dia nangataka tamin'ny Tompo aho hanambara amiko ny fahotàna izay nataon'io vehivavy io tamin'ny fahavelony. Dia nanazava Izy : " Io vehivavy io dia nanana namana infirmier tao amin'ny Hopitaly Oshakati". Rehefa marary izy, dia tsy mba nihevitra ny handoa ara-dalàna ny saram-pitsaboana azy. Miantso ilay namany izy mba hikarakara ny fanafody itsaboana azy. Dia nanontany azy ilay namany izay fotoana mampalalaka azy handehanany aty amin'ny Hopitaly. Tamin'ny voalohany dia nanaiky ny lainga sy ny fitaky ny devoly izy ny amin'ny fahotàna kely sy lehibe ary nandà ny fahamarinako. Dia nitarika olona hafa ihany koa izy hanota, hangalatra ho azy. Ny tena zava-doza, dia nampalahelo ny Fanahy Masina izy. Izany no antony nahatonga azy aty amin'ny helo.
Na dia mahatonga fanahy an-tapitrisany ho an'ny Tompo aza isika, dia mety ho lasa any amin'ny helo raha vao manao zavatra mampalahelo ny Fanahy Masina. Tsy natao hikarakara ny fanahin'ny hafa ihany isika fa natao hihevitra ny fanahintsika ihany koa. Aoka hifantoka be dia be amin'ny fisian'ny Fanahy Masina ao anatintsika ary tokony ho sarotiny amin'izany.
Rehefa avy niteny izany ny Tompo, dia nilaza Izy fa tsy maintsy miverina amin'izay izahay

Betsaka amin'ny kristiana izay nahita izao tantara izao no mihevitra fa olana aminy izany. Dia manontany ahy matetika izy ireny: « Ahoana ary ny amin'ny fanamarinana amin'ny finoana, ny famindram-po sy ny fahasoavana? Ny famonjena izay efa noraisina ve dia mety ho votsotra indray? Tsy masiaka loatra ve izany zavatra izany? Andriamanitra lozabe ve ny Tompo? ».

Marina izany, saingy izaho tsy mamelatra na milaza ny Teolojiako eto amin'izao boky izao. Milaza aminareo fotsiny aho ny zavatra izay naseho sy nambaran'ny Tompo tamiko ary nampianariny ahy sy niainako tamin'izaho niaraka taminy.

Raha te hahazo valiny amin'ireo fanontaniana ireo ianareo dia jereo ny Baiboly. Jereo ireto andinin-tSoratra Masina ireto ary anjaranao ny mitsara izany ao an-tsainao.

«Fa asiako mafy ny tenako ho mangana ka andevoziko, fandrao na dia nitory tamin'ny sasany aza aho, dia ho lavina kosa ny tenako» (I Kor 9:27)».

«Inona ary no holazaintsika? Mbola hitoetra ao amin'ny ota ihany ve isika hitomboan'ny fahasoavana? Sanatria izany ! Hataontsika izay efa maty ny amin'ny ota ahoana no ho velona aminy indray?» (Rom 6:1,2).

«Koa aza avela ny ota hanjaka amin'ny tenanareo mety maty hanarahanareo ny filàny» (Rom 6:12).

«Fa raha minia manota isika rehefa nahazo ny fahalalàna tsara ny marina, dia tsy misy fanatitra noho ny ota intsony, fa fiandrasana mahatahotra amin'ny fitsaràna sy fahatezerana mirehitra izay handany ny fahavalo rehetra» (Heb 10:26-27)

Mety ho lasa any amin'ny helo ve aho rehefa avy nanompo ny Tompo sy nahatonga olona marobe any amin'ny fiainana mandrakizay? Anjaranao ny mitsara izany.

Ny tsy fankatoavana

Tamin'ny Alatsinainy **6 Marsa 2006**, dia nifoha maraina aho rehefa notairin'ny famohamandry. Dia nanomboka nivavaka aho ary nahatsapa hosotra nandrakotra ny vatako iray manontolo. Reraka dia reraka ny vatako sady nangovitra aho. Tahaka ny nipararetra tratry ny herin'aratra ny vatako iray manontolo.
Tamin'ny folakandro, raha nandrinandry teo am-pandriana iny aho, dia nahita hazavàna fotsy nandrakotra ny efi-tranoko. Tsinjoko perla fotsy madinika sady boriborikely mitovy amin'ny haben'ny paingotra, nirotsaka teo amiko tahaka ny orana ireo perla ireo ary tahaka ny nitsofoka tany amin'ny hoditro. Nahita rahona nidina avy any ambony aho. ary niraikitra tamin'ny hoditro ihany koa avy eo io rahona io. Rehefa izay, indro hitako Jesosy nandeha teo amin'io rahona io. Ary nipetraka teo amin'ny seza teo akaikin'ny fandriako Izy. Tsy fantatro izay nihavian'ny seza nipetrahany, fa nipoitra tampoka izy io raha vao hipetraka ny Tompo. Seza volamena izy io, mitovy amin'ny seza rehetra rehetra ihany ny endriny ary misy fiankinana. Isaky ny tongony dia misy kintana vita amin'ny volafotsy, misy kintana izay mitovy amin'io ihany koa eo afovoan'ny fiankinana amin'ilay seza fa somary lehibe kokoa. Ary misy kodiarana fotsy isaky ny tongotry ny seza

Dia niarahaba ahy ny Tompo ary nasainy nitsangana aho satria mandeha dia mandeha ny fotoana hoy Izy. Dia nosarihiny tamin'ny tànany aho ary nanampy ahy niarina Izy, dia nipetraka teo ambony farafara aho.
Dia niteny tamiko Izy : « Victoria a, hivavaka isika ». Dia nivavaka Izy ary fiteny izay tena tsy fantatro no niloaka ny vavany, ny teny hoe Amen ihany no haiko. Nanontany ahy izy avy eo ny amin'izay zavatra hitako. Dia namaly aho fa mahita olona maromaro aho handeha hiasa ary ny sasany kosa vao tonga avy any am-piasàna. **Dia nahita ihany koa aho perla fotsifotsy tahaka izay tazako taloha teo**. ***Ireo perla ireo dia nirotsaka tamin'ireo izay tonga voalohany tany am-piasàna***. Avy eo, dia tonga ireo antokon'olona faharoa tamin'ny mpiasa, saingy nijanona tsy nirotsaka intsony ny perla.
Nahita ihany koa aho antokon'olona samihafa nandeha tany am-piangonana ny Alahady maraina. **Nirotsaka tamin'ireo izay tonga voalohany ilay perla nandritry ny fotoana vitsivitsy ary nijanona rehefa avy eo**. *Ny olona tara dia tsy nahita na inona na inona.*

Nanontany ahy ny Tompo raha fantatro na tsia ny hevitry ny fahitana, ary novaliako izy fa tsy fantatro Ka nohazavainy tamiko izany: **"ireo fahitana ireo dia mametraka tsara fa amin'ny fotoana voatokana iray izay fantatrareo ny ora marina tokony hahatongavana, dia tonga eo foana ihany koa ny anjely mandrotsaka ny fitahiana. Fa raha tara kosa ianareo, dia ho diso an'izany fitahiana izany, satria amin'ny fotoana voatendry ihany no izaràna izany fitahiana izany.**

Victoria, mampitandrina anao aho satria ianao dia matetika tara any amin'ny toeram-piasana ary tara foana any am-piangonana Tiako ny hahafantaranao fa raha tara tsy amin' ny antony ianao, dia ho diso anjara amin'ny fitahiako ianao amin'izany fotoana izany, ary tsy ho azonao intsony izany. Victoria, mila ajanonao izany fahazaran-dratsinao izany ary tsy mila tara intsony, raha tsy misy antony marim-pototra niteraka fahatarana".
Rehefa niteny izany ny Tompo, dia te handositra Azy aho, nefa koa te hanazava ny fialan-tsiniko sy ny antony naha-tara aho. Niteny taminy aho fa indraindray aho tsy dia mahita tory, ka izany no maha-tara ahy. Dia nibanjina ahy tamin'ny masony Izy ary fantany fa mandainga aho, tara ianao hoy izy satria mbola miverina matory indray na dia efa taitra aza, sitrany ahay minitra vitsivitsy hatoriana.

Rehefa avy nampitandrina ahy ny Tompo dia niteny izy fa tsy maintsy mandeha izahay hanao zavatra hafa, satria mandeha dia mandeha ny fotoana.
Nentin'ny Tompo tamin'ny toerana izay tsy mbola nalehanay teo aloha izahay. Sambany ihany koa izahay tamin'ity no nandray ny arabe mba handehananay. Tonga teo amin'ny zaridaina feno voninkazo, sy hazo maintso midoroboka tsara tarehy izahay. Tsy misy ety ambonin'ny tany azo ampitahaina amin'ny hatsaran'izany zaridaina izany. Ny voninkazo dia isan-karazany amin'ny hatsarany, sy amin'ny lokony tsara sady dorehitra. Nipetraka teo amin'ny seza teo amin'io zaridaina io izahay, seza izay vita amin'ny volamena voadio misy kintana kely mamiratra maromaro vita amin'ny volafotsy.

Rehefa nipetraka izahay, dia nataon'ny Tompo teo anoloako ny tànany ary nanondro tanàna lehibe iray izy, ary niteny tamiko hoe : "Victoria, hitanao ve io tanàna io? " Natopiko ny masoko ary nahatazana tanàna lehibe mazava mamirapiratra aho, tsy hitako izay fomba ilazàna ny hatsaràny. Ny vavahady fidirana ao dia mamiratra tokoa ary vita amin'ny volamena. Nisy lehilahy iray nipetraka teo amin'ny vavahady, olona izay efa tena antitra be. Fotsy ny volony ara lava be ny volombavany. Nilaza tamiko ny Tompo fa tsy hafa io olona io fa i Abrahama, izay rain'ny finoana.

Ny ankamaroan'ny arabe rehetra ao an-tànana dia voarafitra amin'ny volamena. Nisy trano lehibe maromaro mamirapiratra toy ny volamena ihany koa tao. Tsy hay tantaraina ny famirapiratan'ilay tanàna.

Nitodika tamiko ny Tompo ary nanontany ahy hoe : «Ahoana ny fijerinao ilay tanàna?» Namaly Azy aho fa tsara dia tsara ilay tanàna, ary te ho any amin'io tanàna io aho. Dia hoy Izy tamiko : « Ho entiko ao ianao raha mitoetra ho mahatoky Ahy, satria ny tranonao dia efa ao koa. Mitoera tsara ho mahatoky sy mpankato ianao ry Victoria, fa raha tsy izany, hanidina eo ambonin'ny tranonao ny goaika, ary ho tonga toerana hipetrahan'ny vorondolo sy fitsangatsanganan'ny matoatoa ny tranonao".

Marina tokoa ny fisian'I Jesosy Kristy Tompo ary tia antsika amin'ny fitiavana tsy azo refesina Izy. Ny tena faniriany dia ny mba hisafidianantsika ny fiainana ary hiarahantsika miaraka aminy amin'ny fiainana mandrakizay. Ory dia ory ny fony mahita ireo olona maty sy very any amin'ny helo, satria izy ireo dia nisafidy ny handà ny famonjena izay natolotra azy, naleony nisafidy ny fahafatesana.

Na kristiana efa nateraka indray ianao na tsia, zavatra iray loha no lazaiko anao:
« **MANDEHA DIA MANDEHA NY FOTOANA »**